



### **“Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika” (Jao 1:14a)**

Manana ny fomba mahatsikaiky hitantarany amintsika ny Noely na ny Krismasy ny Filazantsaran’I Jaona. Tsy mba misy tranon’omby (crèche), tsy mba misy kintana, tsy misy anjely, tsy misy mpiandry ondry, tsy misy zazakely, tsy misy reny. Fa fahitana goavana momba ny famoronana izao tontolo izao sy ny lahatrantsika ny olombelona. Fitantarana misy aina ahafahana mandrefy ny lozan’izao tontolo izao sy ny fitiavan’Andriamanitra. Ny lozan’izao tontolo izao dia aseho amin’ny aizina, izay midika ho tsy fisian’ny fiainana, ny fahakiviana, ny fahotana. Ny fitiavan’Andriamanitra kosa dia aseho amin’ny alalan’ny hazavana, izay midika ho fahafenoan’ny fiainana.

Efa tao anatin’ny fitantarana ny famoronana izao tontolo izao, no nahariana voalohany teo anivon’ny aizina sy ny korontana ny hazavana. Ny tenin’Andriamanitra no nanatanterahina ny famoronana, ary namerina izany ny filazantsaran’I Jaona. Hoy ny and 3: *“Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza”*. Mamorona izao tontolo izao ny tenin’Andriamanitra, mampisy ny fiainana, ary mitondra ny fitiavany manontolo ho an’ny olona. Ampifandraisan’ny evanjelista Jaona amin’ny andininy vitsivitsy ny famoronana sy ny Krismasy. Satria, na dia tsy misy fihinanam-bilona, tsy misy fianakaviana masina, tsy misy tranon’omby, tsy misy mpiandry ondry aza tao amin’ny tantara rentsika, dia misy kosa ny fahaterahan’ny zanak’Andriamanitra. Hoy ny and 14: *“Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika, feno fahasoavana sy fahamarinana; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an’ny Lahitokana avy tamin’ny Ray.”*

Tsy mitantara izay niseho tamin’iny hariva iny tao Betlehema ny filazantsaran’I Jaona, satria heveriny ho efa fantatry ny kristiana izany. Kanefa manazava izy hoe: *“Inona no dikan’izany?”* (Ny dikan’ily niseho tao Betlehema). Tao amin’ny fahaterahan’I Jesosy tamin’ny fomba tsotra no miafina ny fisehoan-javatra lehibe iray dia ny fahatongavan’ny Zanak’Andriamanitra. Tamin’ny fomba manaitra no nilazan’I Jaona evanjelista fa ny Zanak’Andriamanitra dia tsy iza fa ny tenin’Andriamanitra. Miteny amintsika amin’ny alalan’ny fisian’io zaza io, amin’ny alalan’io zazalahy io, amin’ny alalan’io olona io Andriamanitra.

Milaza amintsika ny tenin’Andriamanitra hoe iza moa Andriamanitra ary inona no tiany hampintaina amintsika, inona no tiany hozaraina amintsika. Raha te-hahalala izay tian’Andriamanitra holazaina amintsika isika, dia aoka hitodika amin’I Jesosy. Raha te-hahalala isika hoe iza Andriamanitra, dia aoka isika hifikitra amin’I Jesosy. Tsara kokoa Izy (Jesosy) noho ny lahateny lava, mivantana kokoa noho ny fanazavana feno, mafana sy mora azon’ny rehetra noho ny famelabelaran-kevitra, ilay olona velona, ny fihetsiny, ny asany ary ny teniny dia mampita amintsika izay Andriamanitra. Hoy ny and 18: *“Tsy nisy nahita an’Andriamanitra na oviana na oviana: fa ny Zanakalahy Tokana, Izy ao an-tratran’ny Ray, Izy no manambara Azy”*.

Isika ihany koa dia manana ny fijoroana vavolombelona ao amin’ny boky iray, dia ny Baiboly, saingy tsy mamaky izany afa-tsy eo fanatrehan’izay ambarany isika, amin’ny fanatrehan’I Jesoa Kristy, ilay Zanak’Andriamanitra velona.



Toy izany ary no nanazavan’I Jaona evanjlistra ny nahaterahan’I Jesoa Kristy: ny Teny tonga nofo, tonga olona, ary monina ao amintsika.

Fa tsy fahaterahana tokana no resahin’I Jaona. Asa na voamarikareo fa tsy miresaka Zanak’Andriamanitra tokana izy fa zanak’Andriamanitra maro?

Azonao atao ny milaza fa maro be izany ny olona tao amin’ny fihinanam-bilona. Mba tsy hanitarana na hanaovana laza masaka dia tena izany tokoa. Ny and 11-13 dia milaza hoe: “ *Tonga tany amin’ny Azy izy, fa ny Azy tsy nandray Azy. Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak’Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, dia ireo izay tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon’ny nofo, na ny sitrapon’ny olona, fa naterak’Andriamanitra*”.

Tsy te-hitoetra ho zanak’Andriamanitra tokana, Jesoa Kristy, zanak’Andriamanitra, fa te-hiaina ao amin’ny fianakaviamben’ny mpirahalaha sy mpirahavavy na mpianadahy, ary tsy iza ireo rahalahy sy anabavin’I Jesoa Kristy ireo fa isika. Te-hiara hiaina amintsika Jesosy, te-ho rahalahintsika sy anadahintsika Izy. Ny Krismasy dia fetin’ny zanak’Andriamanitra, eo amin’ny lafiny maha-olombelona. Ary isika miaraka ankehitriny izao no mamorona tranon’omby lehibe handraisana an’I Jesosy.

Fifankatiavana tsy araka ny nofo aman-drà, fa araka ny Fanahy sy ny antso. Fa ity ny vaovao mahafalin’ny Krismasy, ry Havana: izay rehetra mila Azy dia afaka ho tonga zanak’Andriamanitra. Ireo rehetra izay mandray ny Tenin’Andriamanitra ho toy ny hazavana ao amin’ny maizina, dia efa nampidirin’Andriamanitra ao anatin’ny fianakaviamben’ny zanak’Andriamanitra, tonga rahalahy sy anabavin’I Jesoa-Kristy, izay Izy no Zokintsika lahimatoa. Fianakaviana tsy niforona araka ny maha-iray firazanana, na avy amin’ny vahoaka mpiray fihaviana, na mpiray foko, fa misokatra ho an’ny olona rehetra. Mba te- ho havany ve ianao?

Andriamanitra mihitsy, ry Havana, no mamorona fianakaviana sy miantso azy avy amin’ny vazan-tany efatra. Anjarantsika ny mandray ny tsirairay izay nantsoiny toy ny ataontsika amin’ny fankalazana ny batisa sy ny fanasan’ny Tompo. Isaorana anie Andriamanitra izay nahary izao tontolo izao tamin’ny Teniny, izay nanome antsika ny fiainana, izay niteny amintsika ao amin’I Jesoa Kristy, amin’ny taona rehetra, izay mamonjy sy miantso antsika. Amena!

Toriteny alatsinainy 25 desambra 2017  
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA

### **Et la Parole a été faite chair, et elle a habité parmi nous (Jean 1 : 14a)**

L'évangile de Jean a un drôle de façon de nous raconter Noël. Pas de crèche ni d'étoiles, pas d'anges ni de bergers, pas de bébé ni de maman. Mais une vision grandiose de la création de l'univers et de notre destinée humaine, un récit au grand souffle qui prend toute la mesure du drame du monde et de l'amour de Dieu. Le drame du monde est symbolisé par les ténèbres, qui signifient l'absence de vie, le désespoir, le péché. L'amour de Dieu est symbolisé par la lumière, qui signifie la plénitude de vie.

Déjà dans le récit de la création du monde, la lumière est créée en premier, au cœur des ténèbres du chaos. La création se fait par la parole de Dieu, et l'évangile de Jean reprend la même idée. Le verset 3 dit : *"Toutes choses ont été faites par elle, et rien de ce qui a été fait n'a été fait sans elle."* La parole de Dieu crée le monde, fait surgir la vie, et apporte tout son amour aux hommes. En quelques versets, l'évangéliste Jean fait le lien entre la création et Noël. Car, même si dans notre récit, il n'y a pas la crèche ni la Sainte famille, ni étable ni bergers, il y a bien la naissance du fils de Dieu. Le verset 14 dit : *"Et la Parole a été faite chair, et elle a habité parmi nous, pleine de grâce et de vérité; et nous avons contemplé sa gloire, une gloire comme la gloire du Fils unique venu du Père."*

L'évangile de Jean ne raconte pas "Qu'est-ce qui s'est passé, ce soir-là, à Bethléem ?", car il suppose que les chrétiens le savent. Mais il explique : "Qu'est-ce que cela veut dire ?" Dans la naissance toute simple de Jésus se cache en fait un événement grandiose : la venue du fils de Dieu. Et l'évangéliste Jean dit d'une façon surprenante : le fils de Dieu, c'est la parole de Dieu. Dieu nous parle à travers l'existence de ce bébé, de ce garçon, de cet homme.

La parole de Dieu nous dit qui est Dieu et ce qu'il veut nous communiquer, ce qu'il veut partager avec nous. Si nous voulons savoir ce que Dieu a à nous dire, nous regardons vers Jésus. Si nous voulons savoir qui est Dieu, nous nous en tenons à Jésus. Mieux qu'un long discours, plus direct que des explications complètes, plus chaleureux et plus à la portée de tous qu'un exposé, l'homme vivant, son attitude, ses actions, et ses paroles, nous communiquent qui est Dieu. Le verset 18 : *"Personne n'a jamais vu Dieu; le Fils unique, qui est dans le sein du Père, est celui qui l'a fait connaître."*

Nous avons à notre tour ce témoignage dans un livre, la Bible, mais nous ne la lisons pas autrement qu'en présence de celui dont elle parle, en présence de Jésus-Christ, le Fils du Dieu vivant.

Voilà donc comment l'évangéliste Jean explique la naissance de Jésus-Christ : la parole s'est faite chair, faite homme, et elle habite parmi nous.

Mais ce n'est pas la seule naissance dont il parle ! Avez-vous remarqué qu'il ne parle pas seulement d'un seul Fils de Dieu, mais de beaucoup d'enfants de Dieu ?

Vous risquez de me dire "Ça fait beaucoup de monde dans la crèche !" Sans vouloir aller à la caricature, c'est en effet un peu ça. Le verset 11 à 13 dit : *"Elle est venue chez les siens, et les siens ne l'ont point reçue. Mais à tous ceux qui l'ont reçue, à ceux qui croient en son nom, elle a donné le pouvoir de devenir enfants"*



*de Dieu, lesquels sont nés, non du sang, ni de la volonté de la chair, ni de la volonté de l'homme, mais de Dieu."*

Jésus-Christ, le fils de Dieu, ne veut pas rester enfant unique de Dieu, mais il veut vivre dans une fratrie de plus en plus grande, et cette fratrie, ces frères et sœurs de Jésus-Christ, c'est nous. Noël, c'est la fête des enfants de Dieu, aux dimensions de l'humanité. Oui, nous formons, aujourd'hui, une grande crèche !

C'est une fraternité, non de chair et de sang, mais d'Esprit et d'appel. Voici la Bonne Nouvelle de Noël : tous ceux qui le désirent peuvent devenir enfants de Dieu. Tous ceux qui accueillent la parole de Dieu comme une lumière dans les ténèbres, sont intégrés par Dieu dans la grande famille des enfants de Dieu, frères et sœurs de Jésus-Christ, qui, lui, est notre frère aîné. Cette famille n'est pas constituée d'une lignée selon le sang, ni d'un peuple ou d'une ethnie, mais ouverte à tous.

C'est Dieu lui-même qui compose sa famille et qui l'appelle des quatre horizons. A nous de nous accueillir les uns les autres, comme nous le faisons aujourd'hui dans la célébration du baptême et de la Sainte Cène. Grâce soient rendues à Dieu qui a créé le monde par sa parole, qui nous a donné la vie, qui nous parle à tous les âges en Jésus-Christ, qui nous sauve et nous appelle !

Amen.

Prédication lundi 25 décembre 2017  
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA